

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana

FIADIDIANA NY REPOBLIKA

LALANA LAHARANA FAHA-2008- 011 tamin'ny 17 jolay 2008  
manova ny fepetra sasantsasany ao amin'ny Lalana laharana faha-2004-004 tamin'ny 26 jolay 2004  
mamaritra ny sori-dàlana ankapoben'ny Rafitra Fanabeazana sy Fampianarana ary Fanofanana  
eto Madagasikara

Ny Antenimierampirenena sy ny Antenimierandoholona no nandany tamin'ny fivoriana nataony avy ny  
19 jona 2008 sy ny.20 jona 2008

**NY FILOHAN'NY REPOBLIKA,**

Araka ny Lalampanorenana;

Araka ny Fanapahana laharana faha-12-HCC/D3 tamin'ny 16 jolay 2008 nataon'ny Fitsarana Avo  
momba ny Lalampanorenana.

No mamoka hampanan-kery ny lalàna izay toy izao ny andinindiny :

**LOHATENY VOALOHANY  
IREO FOTO-KEVI-DEHIBE**

**Sokajy voalohany  
Zo hobeazina sy hofanina**

**Andininy voalohany** – Ny fanabeazana dia laharam-pahameham-pirenena ambony indrindra,  
ary ny fianarana dia tsy maintsy ataon'ny zaza manomboka amin'ny faha-enin-taonany.

**And. 2** – Ny Repoblikan'i Madagasikara, araka ireo zo aman'andraikitra eo amin'ny lafiny  
teokarena, fiaraha-monina ary kolontsaina voatanisa ao anatin'ny Lalampanorenana, sy ho fanajana ny  
andraikitra noraisin'ny vahoaka malagasy eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena, dia manaiky ny  
hananan'ny isam-batan'olona, na ankizy, na zatovo, na olon-dehibe, zo hobeazina sy hianatra ary hiofana.

**And. 3** – Ny Fanjakana dia manaiky hametraka rafitra fanabeazana, fampianarana ary  
fanofanana mikendry ny hahombiazan'ny fikoloana ny saina, ny vatana, ny fanahy, ny maha-olom-  
pirenena ary ny fananan-talenta maha-izy azy ny tsirairay.

Ny sasany amin'ireo soatoavina manokan'ny firenena, toy ny fahalalana ny “Aina”,ny “Fanahy  
maha-olona”, ny “Hasina” ary ny “Fihavanana” no tokony ho asian-danjany.

**And. 4** – Ny fanabeazana, ny fampianarana ary ny fanofanana Malagasy dia tokony hanomana  
ny tsirairay hirotsaka amin'ny asa ara-tsosialy, ara-toekarena ary ara-kolontsaina ao amin'ny firenena  
mirindra ho an'ny fampandrosoana.

Ho fanatanterahana izany tarigetra izany dia tsy maintsy kendreny indrindra ny :

- fampiroboroboana sy ny fampivelarana ny fandraisana andraikity ny tsirairay sy ireo  
vondrona fototra ;
- famporisihana ny famoronana ;
- fikoloana ny fitiavana ny fiezahana ;
- fampandrosoana ny saina tia karokaroka sy fifaninanana, ny fikatsahana ny fahombiazana, ny  
fahaiza-miserasera, ny fitadiavana ny lafatra amin'ny vokatra, ary

- famokarana olom-pirenena ampy fahaizana sy afaka hiantoka ny fitrandrahana ara-drariny ny mety ho harena voajanahary, mba hampisondrotra ny firenentsika ho eo amin'ny laharan'ireo Firenena mandroso indrindra nefa mahatazona ny fahendrena mampalaza azy.

## Sokajy 2

### *Fahefana sy andraikitra ny Fanjakana*

**And. 5** – Iantohan'ny Fanjakana ho an'ny olona rehetra, araka ireo fepetra soritan'ny didy amandalana, ny fanajana sy ny fisitrahany ny zony amin'ny fanabeazana, ny fampianarana ary ny fanofanana.

**And. 6** – Ireo Minisitra miandraikitra ny Fanabeazana sy ny Fampianarana ary ny Fanofanana no mamaritra sy mampihatra ao anatin'ny fifanarahana itakiam-bokatra, ny politikam-pirenena eo amin'ny lafiny fanabeazana, fampianarana ary fanofanana izay nolaniana tao amin'ny filan-kevitra ny Governemanta.

Ny fomba ifandraisan'ireo Minisitara miandraikitra ny Fanabeazana, ny Fampianarana ary ny Fanofanana sy ireo departemantan'ny Minisitara hafa dia faritana amin'ny alalan'ny didy aman-dalana.

**And. 7** – Aorian'ireo fifampidinihana mahazatra na amin'ny samy departemantan'ny Minisitara izany na amin'ireo mpifarimbona na amin'ireo tompon-jo amin'ny fampiasana, ireo Minisitara miandraikitra ny Fanabeazana, ny Fampianarana ary ny Fanofanana, ho fanatanterahana ireo filana ara-toekarena sy ara-tsosialy, dia tokony :

- hamaritra ireo tetik'ady sy ireo ho enti-manana amin'izany ;
- hiantoka ny fanaraha-maso ny fahaizana asa aman-draharaha ;
- hanome ireo mari-pahaizana sy manamarina ny fitoviana lentan'ireo filazam-pahaizana mifandraika amin'izany.

**And. 8** – Ireo Minisitra miandraikitra ny Fanabeazana, ny Fampianarana sy ny Fanofanana, aorian'ny fankatoavana omban'antony omen'ny Governemanta dia afaka mampiato tsy hiasa amin'ny alalan'ny didim-pitondrana, tsangan'olona na fikambanana raha mety hitera-doza eo amin'ny fahasalamana sy ny fandriampahalemana ara-batana na ara-tsain'ireo ankizy, ireo zatovo na ireo olon-dehibe izay nankinina taminy, ny fanohizany ny asany. Ny zo hiaro-tenan'ilay voakasik'izany dia iantohana eo anatrehan'ireo ambaratongam-pitsarana mahefa.

## Sokajy 3

### *Fahefana sy andraikitra ny vondrombahoakam-paritra*

**And. 9** – Ireo vondrombahoakam-paritra no mitantana ny raharaham-panabeazana voatokana ho azy araka ny lalana.

Aorian'ireo fifampidinihana mahazatra amin'ireo mpifarimbona sy ireo mpandray anjara ao amin'ny rafitra fanabeazana sy fampianarana ary fanofanana ny vondrombahoaka voakasik'izany dia izy ireo no mamolavola sy manatontosa amin'ny alalan'ny fifanarahana itakiam-bokatra ny paikampivoarana lafatra mifandraika tanteraka amin'ny politikam-pirenena ho an'ny fanabeazana, fampianarana ary fanofanana.

Ny fomba ifandraisan'ireo Minisitara miandraikitra ny Fanabeazana, ny Fampianarana ary ny Fanofanana sy ireo vondrombahoakam-paritra dia faritana amin'ny alalan'ny didy aman-dalana.

**And. 10** – Ireo sampandraharaha napariaka avy ao amin'ireo Minisitara miandraikitra ny Fanabeazana, ny Fampianarana sy ny Fanofanana no tompon'andraikitra amin'ny fampandehanana tsara ireo asam-panabeazana sy fampianarana ary fanofanana any amin'ny faritra hiadidiany avy.

Amin'izany dia izy ireo no miantoka ny tantsoroka sy ny fanaraha-maso.

## Sokajy 4

### *Fahefana sy andraikitr'ireo mpifarimbona*

**And. 11** – Ny Fanjakana dia mandray ho fitsipika amin'ny fanatanterahana ny politikam-panabeazana sy fanofanana, ny Fifarimbonan'ny Fanjakana sy ireo tsy miankina. Noho izany dia ekena ny maha-mpifarimbona tanteraka ireo antokon-draharaha na miankina na tsy miankina aminy sy ireo fikambanana liana amin'ny fampiroboroboana sy fampandrosoana ny rafi-panabeazana sy fampianarana ary fiofanana, indrindra indrindra ;

- ireo fianakaviana, ireo vondrom-pianakaviana sy mpiara-monina ;
- ireo toeram-pampianarana tsy miankina amin'ny Fanjakana ;
- ireo fikambanana tsy miankina amin'ny Fanjakana sy ireo fikambanana hafa tsara sitrapo ;
- ireo andrim-pikarohana sy mpandraharaha ara-toekarena.

Ny fomba ifandraisan'ireo Minisitery miandraikitra ny Fanabeazana, ny Fampianarana ary ny Fanofanana sy ireo mpifarimbona samihafa dia faritana amin'ny alalan'ny didy aman-dalàna.

**And. 12** – Ny mpifarimbona rehetra tsy miankina amin'ny Fanjakana nahazo fankatoavana eo amin'ny sehatry ny fanabeazana, fampianarana ary ny fiofanana dia mandray anjara amin'ireo asan'ireo Minisitery miandraikitra ny Fanabeazana, ny Fianarana sy ny Fanofanana.

Ao anatin'ny fifanekena itakiam-bokatra arahin'ny fifanarahana itakiam-bokatra no anatanterahany ny asa voafaritry mifanaraka amin'ny politikam-pirenen'ny fanabeazana.

Ireo fepetra hanomezana na hanatsoahana ny fankatoavana dia ho faritana amin'ny alalan'ny didy aman-dalana.

## Sokajy 5

### *Ny amin'ireo asan'ny sekoly, ny toeram-mpampianarana sy fanofanana*

**And.13** – Ny sekoly, ireo toeram-pampianarana sy fanofanana no miantoka ireo asa fanabeazana, fampianarana sy fanofanana ary fahaizana asa aman-draharaha.

**And. 14** – Ny sekoly, ireo toeram-pampianarana sy fanofanana, miara-miasa ary mifameno amin'ny fianakaviana sy ny fiaraha-monina, dia tokony hitsinjo hatrany ny fampidirana ao an-tsain'ny ankizy sy ny zatovo ary ny tanora ny fandraisan'andraikitra sy ny fahaiza-mitari-kevitra ary koa ny fanajana ny fahaiza-miaina sy ny fitsipiky ny fitondra-tena mendrika.

Ankoatr'izany, izy ireo dia tokony :

- hampivelatra ao anatin'izy ireo ny fahaiza-mitondra tena sy ny lanjan'ny maha-olom-pirenena ;
- hampivelatra ny maha-izy azy ny tsirairay amin'ny lafiny rehetra : ara-batana, ara-pitiavana sy ara-tsaina ary ara-pitondran-tena, amin'ny fiantohana ny zo amin'ny fanorenana ny maha-olona azy mba hananany saina tia karokaroka sy finivana.

**And. 15** – Ny sekoly sy ireo toeram-pampianarana sy fanofanana, dia tokony hiantoka ao anatin'ny asam-pampianarana sahaniny, ny hahazoan'ny mpianatra rehetra fampianarana sy fanabeazana tonga lafatra hahazoany fahalalana ankapobe sy fahaizana ara-tsaina ary miatrik'asa, hampitombo ny talenta voajanahary sy ny fahafahan'izy ireo mianatra samirery ary miditra arak'izany ao amin'ny sehatry ny fahalalana sy ny fahaiza-manao.

Ny sekoly sy ireo toeram-pampianarana sy fanofanana dia manome indrindra ho an'ny mpianatra ny fomba :

- hifehezany ny teny malagasy, noho izy teny nibeazana sy tenim-pirenena ;
- hifehezany teny vahiny roa farafaharatsiny.

Ankoatr'izany dia tsy maintsy miezaka izy ireo mba :

- hampivelatra ny fomba isan-karazany isehoan'ny fahakingan-tsaina hita maso sy tsy hita maso ;
- hampivelatra ny fahaiza-miseraseran'ny mpianatra sy ny fampiasana ny fomba isan-karazany fanehoana hevitra : eo amin'ny fiteny, zava-kanto, fihetsika ary ohatra ;
- hanome azy ireo ny fifehezana ny haitao momba ny fampahalalam-baovao sy ny serasera ary hanome azy ny fahaizana mampiasa izany amin'ny lafiny rehetra ;
- hanomana azy ireo hiatrika ny ho avy hahafahany manaraka ny fiovana sy mandray anjara mahomby ombam-pahamatorana amin'izany.

**And. 16** – Ny sekoly, ireo toeram-pampianarana sy fanofanana ao anatin'ny fanatsarana ny asany, dia mitandro ny hampandrosoana ny fahaiza-miasa sy ny fahaiza-manaon'ny mpianatra mifandraika amin'ny taonany sy araka ny ambaratongam-pianarany.

Ireo toeram-pampianarana misahana ny fanofanana amin'ny asa aman-draharaha sy ny fampianarana ambaratonga ambony no miandraikitra ny fanamafisana ireo fahaiza-miasa ireo.

Amin'izany, ny sekoly sy ireo toeram-pampianarana misahana ny fanofanana ary ny fampianarana ambaratonga ambony dia tokony hanome ny mpianatra fahafahana hampiasa ny fahaizany sy ny fahaiza-manao noratovina mba hahitana valiny mifandraika amin'ny famahana ireo olana mety hatrehiny mba :

- hanarahany ireo fiovana;
- handraisany fepetra sy hitondrany fanavaozana ;
- hiasany ao anatinà vondrona ;
- hianarany foana mandritry ny androm-piainana.

## **Sokajy 6**

### ***Zo sy andraikitra ny mpianatra***

**And. 17** – Ny mpianatra no fototry ny asa fanabeazana sy ny raharaham-panofanana.

**And. 18** – Ny mpianatra dia manana zo hahazo fampahalalam-baovao maro-karazana sy feno momba izay rehetra mikasika ny toro-lalana an-tsekoly sy eny amin'ny oniversite mba hahazoany misafidy amim-pahalalan-javatra sy ampandresen-dahatra ny lalan-kizorany amin'ny fianarana sy amin'ny asa.

**And. 19** – Ny mpiasan'ny fanabeazana sy fanofanana, eo amin'ny fanatanterahana ny asany, dia tsy maintsy manaraka ny ara-drariny sy ny fitovian'anjara ary mametraka miaraka amin'ny mpianatra fifandraisana mifototra amin'ny fahamarinana, ny fijerena tsy mitanila ary ny fanajana ny maha-olona ilay zaza sy ny tanora ary ny zon'izy ireo.

**And. 20** – Adidin'ny mpianatra ny manaja ny mpampianatra/mpanofana sy ny mpikambana rehetra ao amin'ny vondrom-panabeazana ary ny manaiky ny fepetra takiana ho fanajana tokony ho an'ny toeram-panabeazana sy fanofanana.

**And. 21** – Ny fandrindrana ny fiainan'ny sekoly sy ny fanofanana ary ny mpianatra dia faritana amin'ny alalan'ny didy aman-dalana.

Ny fitsipi-pifehezana ao amin'ireo toeram-pampianarana sy fanofanana dia feran'ny didim-pitondrana ataon'ireo Minisitra miandraikitra ny Fanabeazana sy ny Fampianarana ary ny Fanofanana.

**LOHATENY II**  
**NY AMIN'NY FANDAMINANA NY RAFI-PANABEAZANA,**  
**NY FAMPIANARANA ARY NY FANOFANANA**

**Toko voalohany**  
**Feni-kevitra sy fandaminana**

**And. 22** - Ny anjaran'ny Fanjakana dia ny miantoka fanabeazana avo lenta ho an'ny Malagasy rehetra.

Ny sehatry ny fanabeazana sy ny fampianarana ary ny fanofanana dia misy :

- ny fanabeazana sy ny fanofanana eo amin'ny sehatry ny fanabeazana ivelan'ny sekoly;
- ny fanabeazana sy ny fanofanana eo amin'ny sehatry ny fanabeazana an-tsekoly ;

**And. 23** – Ny firindrana indroa miantoana anatin'ny sy ivelany, ireo feni-kevitra maha-iray sy maha-samihafa, ny fiantohana ny fitohizana, ny fifamenoana, ny fifampiankinana mbamin'ny fanondronan-kery ary koa ny fahalinana amin'ny fahombiazana sy ny fampivoarana maharitra no manorina sy mandrafitra ny fandaminana ny rafi-panabeazana sy ny fampianarana ary ny fanofanana Malagasy.

**And. 24** – Ireo tarigetra sy tanjona farany no mametra ny fandaminana ireo fampianarana sy ireo fanofanana any amin'ireo ambaratonga samihafa sy karazam-panabeazana, fampianarana ary fanofanana voafaritry mialoha.

**Toko II**  
**Ny amin'ny fanabeazana ivelan'ny sekoly**

**And. 25** – Ny fanabeazana ivelan'ny sekoly dia ahitana ireo asam-panabeazana sy fanofanana rehetra tontosaina ivelan'ny rafi-panabeazana an-tsekoly.

Natokana hanome fahafahana hahazo fizaran-draharaha sy fanofanana ho an'ireo tsy nahazo ny rafitra an-tsekoly izy io.

Tokony hahafahan'ny olona rehetra na firy na firy taona hahazo ny fahalalana ilaina, ny fahaizana amin'asa aman-draharaha, ny fahalalana ankapobe ary ny fahafahana amin'ny maha-olom-pirenena hampivelatra ny maha-izy azy am-pahamendrehana izy io.

Tokony hamela ny olom-pirenena rehetra hiditra ao amin'ny fiaraha-monina iainana koa izy ary hanome azy ny fitaovana ara-tsosialy sy ara-kolontsaina ilaina mba hampivoarana azy ary hiaina amim-pahatokisan-tena ao amin'ny fiaraha-monina hafa.

Manomboka eo amin'ny fianakaviana izany ary mitohy hatrany amin'ny vondrombahoaka fototra ary any amin'ireo rafitra sahaza amin'ny zava-misy tsirairay any amin'ny vondrombahoakam-paritra.

**And. 26** – Ny fanabeazana ivelan'ny sekoly dia tandra vadin-koditra amin'ny rafi-panabeazana faobe ary miankina amin'ireo Minisitera misahana ny asam-panabeazana sy fanofanana.

**And. 27** – Ny fanabeazana ivelan'ny sekoly dia ahitana :

- ny sekolin-jaza ;
- ny fampianarana mamaky teny sy manoratra ho fampandrosoana ;
- ny fanabeazana ho olom-pirenena sy hahay miaina.

**Sokajy 1**  
**Ny sekolin-jaza**

**And. 28** – Ny sekolin-jaza dia ahitana :

- ireo toeram-pitaizana izay mandray an-tànana ireo zazakely vao teraka ka hatramin'ny roa taona ;
- ireo akanin-jaza izay misahana ny fiambenana ireo ankizy roa ka hatramin'ny telo taona ;
- ireo garabola izay miantoka ny fanabeazana ireo ankizy telo ka hatramin'ny dimy taona ;

**And. 29** – Ireo toeram-pitaizana dia manala fahasahiranana ny ray aman-dreny amin'ny zanany mba hahafahan'izy ireo manatanteraka ampahatokisana ny adidiny ara-pianakaviana sy arak'asa.

Ny tanjona dia ny fiahiana ireo zazakely ankinina aminy : fahadiovana sy fikarakarana, sakafo, kilalao ary fahaiza-miara-monina.

**And. 30** – Ireo akanin-jaza dia misahana ny fampifohazana sy ny fampidirana ao amin'ny fahaiza-miara-monina ireo zaza amin'ny alalan'ireo asa mikasika ny fandrenesana sy ny hetsika ara-batana , ara-pifandraisana, ara-pitenenana, hira, sary ary tsianjery ho an'ny ankizy.

**And. 31** – Ny garabola dia sekoly ho fampifohazana sy ho fanokafana ny sain'ny zaza ho amin'ny asa fifandraisana ara-piaraha-monina sy ara-panabeazana anomanana ny rafitra an-tsekoly : hetsika ara-batana famohazana vavahadin-tsaina, ara-pifandraisana sy ara-pitenenana sy ara-tsoratra, asa siantifika sy teknika.

**And. 32** – Didim-panjakana no mametra ny ankapoben'ny fomba fitondrana ny fanabeazana sy ny fanofanana tsy manara-penitra ary koa ny asa rehetra mikasika ny fanabeazana sy ny fampianarana amin'io sehatra io.

## **Sokajy 2**

### ***Ny fampianarana taratasy ho fampandrosoana***

**And. 33** - Ny fampianarana mamaky teny sy manoratra ho fampandrosoana dia mikendry izay hanomezana vahana ny fampiasana ny vokatry ny fianarana mamaky teny, manoratra ary mikajy ho fanatsarana ny fiainana andavanandro, ara-pianakaviana ary ara-piaraha-monina.

**And. 34** – Ireo mpifarimbona ara-tsosialy – fikambanana tsy miankina amin'ny Fanjakana, fikambanana ara-pinoana ary fikambanana hafa – dia manatanteraka ny fandaharam-pampianarana mamaky teny sy manoratra ho fampandrosoana ka miara-miasa akaiky amin'ireo Minisitery miandraikitra ny Fanabeazana sy ny Fanofanana, ary miaraka amin'ny vondrombahoakam-paritra.

**And. 35** – Ireo volavolam-pampianarana mamaky teny sy manoratra ho fampandrosoana rehetra dia tsy maintsy tohizana amin'ny fametrahana fandaharan'asa aorian'ny fampianarana mamaky teny sy manoratra mba hahafahana mikolo sy mandrefy ny vokatry efa azo. Izany dia hifarimbona amin'ny famoronana tontolon'ny fahaizan-taratasy ao anatin'ny fampianaran'asa manakaiky ny asa fototra.

## **Sokajy 3**

### ***Ny fanabeazana ho olom-pirenena sy hahay-miaina***

**And. 36** – Ny fanabeazana ho olom-pirenena sy hahay miaina dia mizara toy izao :

- ny fanabeazana ho olom-pirenena sy ny ho tia tanindrazana ;
- ny fanabeazana amin'ny fiainam-pianakaviana sy amin'ny fiainana iombonana ;
- ny fanabeazana amin'ny fampandrosoana sy amin'ny tontolo iainana ;
- ny fanabeazana amin'ny fahadiovana sy ny fahasalamana eo anivon'ny fianakaviana sy ny mpiray vohitra, indrindra indrindra ny fiarovana sy ny ady amin'ny *VIH/SIDA*.

**And. 37** – Ny fanabeazana ho olom-pirenena sy hahay miaina dia mikendry ny :

- fampahafantarana, fanofanana ary fanotronana ny olom-pirenena tsirairay momba ny zony sy ny adidiny maha-mpikambana azy eo anivon'ny fianakaviana iray , vohitra na faritra iray ;vondrombahoakam-paritra na firenena iray ;

- fampivelarana ny fahatsapan-tena sy ny fanajana ny zo sy ny fahalalahan'ny olombelona, ny fampiarana ny demokrasia ary ny fireharehana fa olom-pirenena ;

- fanofanana ny teratany amin'ny fitandremana sy ny fanitarana ny tontolo iainana ary ny fananam-pirenena eo amin'ny lafiny ara-tsaina na mivaingana na tsy mivaingana

- famenoana sy fanatsarana ny fahaizana sy ny fahafahana manao mba ho lasa teratany mahalala fomba, marina, mahiratra, mpandray andrakitra ary mavitrika.

Ny fanabeazana ho olom-pirenena sy hahay miaina dia miantefa amin'ny olona rehetra na firy taona izy na firy taona.

Ny Antokon-draharaham-pirenena momba ny fanabeazana ny daholobe sy ny fahaiza-miaina no kiady.

Didim-panjakana no amaritana ny fampiharana ity andininy ity.

### **Toko III**

#### **Ny amin'ny fanabeazana an-tsekoly**

**And. 38** – Ny fanabeazana an-tsekoly dia ahitana :

- ny fanabeazana fototra ;
- ny fampianarana ambaratonga faharoa ;
- ny fanofanana ara-teknika sy amin'ny asa aman-draharaha ;
- ny fampianarana ambaratonga ambony sy ny fanofanana eny amin'ny oniversite.

#### **Sokajy 1**

##### ***Ny fanabeazana fototra : Andraikitra-Fandaminana-Tanjona***

**And. 39 (vaovao)** – Folo taona no faharetan'ny fanabeazana fototra ary ankizy manomboka eo amin'ny fahaenina taona no raisiny.

**And. 40 (vaovao)** – Ny andraikitra ny fanabeazana fototra dia ny fampianarana ireo ankizy sy ireo tanora sy ny fitarihana azy mba hananan'izy ireo fahaizana ara-pahalalana sy azo ampiharina arak'asa izay tena ilaina amin'ny fidirany mahomby any amin'ny fampianarana ambaratonga faharoa na any amin'ny fanofanana arak'asa na amin'ny fiainana avy hatrany.

**And.41(vaovao)** – Misy dingana roa ny fanabeazana fototra :

- ny fanabeazana fototra dingana voalohany izay maharitra fito taona ;
- ny fanabeazana fototra dingana faharoa izay maharitra telo-taona.

**And.42 (vaovao)** – Ny fanabeazana fototra izay maharitra folo taona dia manana tanjona manokana :

- ny fahazoana fahaiza-manao fototra eo amin'ny sehatry ny fahalalàna sy ny fahatsapana ary ny fitiavana

- ny fitarihana ho amin'ny soa toavina sy maha-olompirenena ary ny fandalana ny fiaraha-miaina ;

- ny fifehezana ny tontolo manodidina ara-teknika, ara-potoana sy ara-paritra mifanakaiky;

- ny fampivoarana ny fahaiza-manao ilain'ny mpianatra eo amin'ny fiainana andavanandro : mamaky teny-mifandray ambava sy an-tsoratra amin'ny tenim-pireneny ary mahafehy teny vahiny roa ;

- ny fampanomezana ireo fahalalàna sy fahakingàna ilaina eo amin'ny sehatry ny matematika, ny siansa, ny hai- raha, ny siansa momba ny maha-olona, ny zava-kanto ary ny fanatanjahantena ary izany dia mba ahafahany manohy ny fianarany amin'ny sehatra manaraka na

mba hahafahany miditra ao amin'ny lalam-piofanana momba ny fiofanana arak'asa aman-draharaha na koa mitsofoka ao amin'ny fiaraha-monina.

**And. 43 (vaovao)** – Ny famaranana ny dingana voalohany amin'ny fanabeazana fototra dia sandaina amin'ny fanomezana "Certificat". Ny famaranana ny dingana faharoa amin'ny fanabeazana fototra dia sandaina amin'ny fanomezana "Brevet".

**And. 44** – Ny fandaminana ny fanabeazana fototra, ny fitsinjarana ny taranja, ireo fandaharam-pianarana ary ny fomba fampianarana, ny fizohina ary ny fanombanana ireo asam-panabeazana rehetra, ny tetiandrom-pampianarana, dia faritana amin'ny alalan'ny didy aman-dalàna.

## Sokajy 2

### *Ny fampianarana ambaratonga faharoa*

**And. 45** – Ny fampianarana ambaratonga faharoa dia misokatra ho an'ireo mpianatra nahavita ireo dingana fototra.

**And. 46 (vaovao)** – Maharitra roa taona ny fampianarana ambaratonga faharoa. Mikendry hanome ny mpianatra, ankoatran'ny fahalalana ankapobe tena matanjaka, fanofanana lalina izy hahazo an'ilay mpianatra manohy ny fianarany any amin'ny dingana ambaratonga ambony na hiditra ao amin'ny sehatry ny asa aman-draharaha na hirotsaka amin'ny fiainana avy hatrany.

**And. 47** – Ny *baccalauréat* no fanadinana mamarana ny fianarana ambaratonga faharoa, hahafahana manohy ny fianarana eny amin'ny fampianarana ambaratonga ambony.

Ny fandiavana ny ambaratonga faharoa dia hamarinina amin'ny alalan'ny fanamarinana milaza ny haavo tratra. Ny fomba fitondrana ankapobeny ambaratonga faharoa, ny fandaminana ny hetsika fanabeazana izay atao ao, ary koa ny tombana amin'ny alalan'ny *baccalauréat* dia ho faritana amin'ny alalan'ny didy aman-dalana.

## Sokajy III

### *Ny fanofanana ara-teknika sy amin'asa aman-draharaha*

**And. 48** – Ny fanofanana ara-teknika sy amin'asa aman-draharaha dia manana andraikitra hanofana ny tanora sy ny olon-dehibe araky ny filàna tena izy sy ny fivoarana ara-toekarena. Mandray anjara amin'ny fampivoarana ara-piaraha-monina sy ara-kolontsaina ary ara-toekarenan'ny fianakaviana, ny faritra, ny firenena izy.

Ny fiiharian-karena manara-tsena, ny fifarimbonana, ny fizakan-tena, ny firindrana ary ny fahatongavana amin'ny lafatra teknika sy amin'asa no mamaritra ireo fotokevitra ankapobe iorenan'ny fandaminana sy fampandehanana ny fepetra momba ny fanofanana ara-teknika sy amin'asa aman-draharaha.

**And. 49** – Ny fanofanana ara-teknika sy amin'ny asa aman-draharaha dia mamela ny rehetra, zatovo na olon-dehibe, na samirery na ao anaty fikambanana :

- hanome vahana ny fison-drotany toerana eo anivon'ny fiaraha-monina, handiavana ireo ambaratongam-pahaizana amam-pahalalana samy hafa amin'ny alalan'ny fampivoarana ny fianarana ireo asa fototra;

- hanovo fahaiza-manao fototra amin'ny lafiny teknika, haitao ary fahaiza-manao manokana mifandrohy amin'ny lalam-piofanana aman-draharaha iray ao anatin'ny fanofanana atao am-boalohany ;

- ny fanofanana atao am-boalohany dia mamela, na hiditra eo amin'ny tsenan'ny asa, na hanohy ao amin'ny fanofanana amin'asa aman-draharaha mifanandrify amin'ny sokajin'asa rehetra voafaritry ny fepe-dalàna sy fitsipika manankery ;



- hanatsara, hanaraka ny fivoarana sy ny fiovan'ny teknika, ny haitao eo amin'ny fomba takian'ny asa mba ahafahana miova asa na miasa mialoha amin'ny alalan'ny fanofanana mitohy.

**And. 50** – Ny zana-tsehatry ny fanofanana ara-teknika sy amin'ny asa aman-draharaha dia mametraka rafitra saha eo amin'ny lafin'ny :

- toro-hevitra, fikaonandoha momba ny resaka paik'ady sy politika mikasika ny fivoaran'ny fanofanana ara-teknika sy amin'ny asa aman-draharaha ;
- famolavolana, fandrafetana, fepetra raisina mba hanaraka ny toetr'andro, toman'ny fianarana vita sy ny asa aman'andraikitra efa nosahanina mifanaraka amin'ny vinavinan'ny filàn'ny fiaraha-monina ara toe-karena ;
- toro-lalana ara-pedagogia sy amin'asa aman-draharaha ary fizohiana rehefa vita ny fiofanana.

**And. 51** – Ny rafitra, ny andraikitra, ny anjara asan'ireo foibe, toeram-pianarana, ivotoerana ary ireo fivondronan'ny toeram-piofanana ara-teknika sy amin'asa aman-draharaha miankina sy tsy miankina ary koa ny fandraisana, ny lalàna sy ny fandaminana ankapobe ny fanadinana sy fifaninana dia faritana amin'ny alalan'ny didy aman-dalàna.

Ny fandraisana, ny fomba fitondràna ary ny fandaminana ankapobe ireo fanadinana sy fifaninanana dia faritana amin'ny alalan'ny didy aman-dalàna.

Ny fankanesana matetika amin'ireo foibe sy toeram-pampianarana misahana fanofanana teknika sy asa aman-draharaha dia ahazoana taratasy fanamarinana anehoana ny lenta tratra.

Ny fampitoviana lenta ireo filazam-pahaizana omen'ireo foibe sy toeram-pampianarana misahana fanofanana teknika sy asa aman-draharaha dia faritana amin'ny alalan'ny didy aman-dalàna.

#### **Sokajy 4**

#### ***Ny amin'ny fampianarana Ambaratonga Ambony sy ireo fikarohana Siantifika***

**And. 52** – Mba hisian'ny fampandrosoana haingana sy maharitra, ny firenena dia tsy maintsy manana fampianarana ambaratonga ambony manaraka ny toetr'andro, tohanana sy vatsian'ny fikarohana mahomby.

**And. 53** – Misy rafitra apetraka mba :

- hitsinjovana ny fampandrosoana ny sehatra rehetra eo amin'ny fiainam-pirenena ;
- hamantarana ireo filan'ny firenena ao amin'ny lafiny maha-olona ;
- hamaritana ireo fanofanana sy ireo fikarohana mahaliana ;
- hiantohana ny fandimbiasana an'ireo mpampianatra-mpikaroka.

Izy ireo dia faritana amin'ny alalan'ny didy aman-dalàna.

**And. 54** – Hisy fomba fiasa araka ny fifanekena eo amin'ireo andrim-pampianarana ambaratonga ambony sy fikarohana sy ireo mpandraharaha miahitena mba ahafahana mamaly ny filana eo amin'ny tsenan'ny asa sy toekarena.

**And. 55** – Mba hanatsarana ny fahombiazana anatiny sy ivelany an'ireo toeram-pampianarana ambaratonga ambony, dia apetraka ny rafitra iray hahafahan'izy ireo mampiasa ny fidiram-bolany mahaleontena. Amporisihina ireo mahazo tombontsoa handray anjara amin'ny famatsiana ara-bola ny fampianarana ambaratonga ambony sy ny fikarohana.

Ny rafitra, ny asa, ireo anjara asan'ireo foibe, toeram-pampianarana, ivotoerana sy ireo fivondronan-toeram-pampianarana miankina sy tsy miankina amin'ny Fanjakana miandraikitra fampianarana ambaratonga ambony dia faritana amin'ny alalan'ny didy aman-dalàna.

### LOHATENY III NY AMIN'IREO TOERAM-PAMPIANARANA MIAHI-TENA

**And. 56** – Ireo olona tsotra sy fikambanana mizaka zo aman'andraikitra rehetra dia mahazo manangana toeram-panabeazana sy fampianarana tsy miankina sy misahana ny fandaniany aorian'ny fahazoana fahazoan-dalana avy amin'ireo manampahefana miandraikitra ny fanabeazana sy fampianarana ary fanofanana. Ny fepetra fanomezana ny fahazoan-dalana dia ferana amin'ny alalan'ny didy aman-dalana.

Ny tompony sy ny Talen'ny toeram-pibeazana tsy miankina dia tsy maintsy teratany malagasy raha tsy hoe nahazo fahazoan-dalana manokana avy amin'ny Minisitra tompon'andraikitra.

Ny talen'ny toeram-pampianarana dia tsy maintsy anisan'ny mpampianatra na mpitantsoroka ara-pedagogia.

Ankoatr'izany, dia olona tsy mbola voaheloka noho ny heloka bevava na heloka tsotra natao fanahy iniana no takiana ho amin'ireo toerana olona roa ireo.

**And. 57** – Ireo toeram-pampianarana tsy miankina dia tsy maintsy mandray ampahany amin'ireo mpiasany ho mpampianatra raikitra. Ny fifandajana amin'ireo mpampianatra ireo dia feran'ny didim-pitondrana raisin'ny Minisitra miadidy ny Fanabeazana izay hitsinjo ny tsy maintsy hananana mpiasa mpanabe maharitra. Tsy azo raisina hiasa na hampianatra amin'ireo toeram-pampianarana tsy miankina ireo olona nahazo sazy ara-pitsarana noho ny heloka bevava na heloka tsotra natao fanahy iniana tamin'ny olona na tamin'ny fananana.

**And. 58** – Ireo toeram-pampianarana tsy miankina dia tsy maintsy mampihatra ireo fandaharam-pianarana ofisialy manan-kery any amin'ireo toeram-pampianarana miankina amin'ny Fanjakana.

Azo atao ny manangana toeram-panabeazana tsy miankina manana fandaharana sy satampianarana manokana raha mahazo fahazoan-dalana avy amin'ny Minisitra miandraikitra ny Fanabeazana.

**And. 59** – Ireo mpianatra ao amin'ireo toeram-panabeazana sy fampianarana tsy miankina dia mahazo miditra amin'ny sekolim-panjakana, araka ny didy आम-pitsipika manan-kery.

Mahazo koa izy ireo miatrika ireo fanadinana sy fifaninanam-pirenena, araka ny fitsipika manan-kery.

**And. 60** – Ireo toeram-panabeazana tsy miankina dia tsy maintsy ho eo ambany fisafaoana ara-pedagogia, ara-pitantanana ary ara-pahasalamana ataon'ireo sampan-draharaha mahefa an'ny Minisitara mba ho fanamarinana ny fampiharana ireo fepetra feran'ity lalana ity sy ireo didim-panjakana ary ireo didim-pitondrana mikasika izany.

**And. 61** – Raha misy tsy fanatanterahana ny iray amin'ireo andraikitra voalaza ato amin'ity toko ity na tsy fanajana ny fahaiza-miaina sy ny fitsipika momba ny fahadiovana sy ny filaminana ao amin'ny toeram-panabeazana, dia esorina amin'ny tompony, rehefa avy nohenoina, ny fahazoan-dalana voalaza ao amin'ny andininy. faha-56, ao amin'ity lalana ity izay tsy manakana ireo sazy voatondron'ny lalana manan-kery.

**And. 62** – Raha misy ny fisintonana ny fahazoan-dalana voalaza eo amin'ny andininy faha-61, ny manampahefana mpiahy dia afaka, raha mitaky izany ny tombontsoan'ny ankizy sy ny mpianatra, mangataka ny mpitsara momba ny ady maika mahefa eo an-toerana, hanendry mpitantana amin'ireo mpiasa mpanabe, atolotry ny manam-pahefana mpiahy, hitantana ny toerana mandritry ny fe-potoana voafetra tsy mihoatra ny taona manaraka.

#### **LOHATENY IV**

### **NY MPIASAN'NY RAFI-PANABEAZANA SY FAMPINANARANA ARY FANOFANANA**

**And. 63** – Ireo mpiasan'ny fanabeazana dia ivondronan'ireo mpampianatra, mpanofana, mpanao fisafoana, mpanao teti-pivoarana, mpiasa mpitantsoroka, mpanolotsaina momba ny fampahalalam-baovao sy toro-làlana an-tsekoly sy eny amin'ny Oniversite, mpanolontsaina amin'ny fanabeazana sy fanofanana, mpanaramaso sy mpiasa mpandraharaha sy teknika.

**And. 64** – Ny mpikambana rehetra ao amin'ny mpiasan'ny fanabeazana dia tsy maintsy, mandritry ny taom-piasany, manaraka fiofanana mitohy izay filana takian'ireo fiovana mahazo ny fahaizana sy ny fiaraha-monina ary ny fivoaran'ny asa.

Ny fanofanan'ireo mpanofana sy ny fanofanana mitohy dia alamina araka ny tombontsoan'ny mpikambana ao amin'ny antokon-draharaham-panabeazana manaraka ny filana voatendrin'ny fivoaran'ireo fomba sy fitaovana fampianarana sy ny votoatiny, ny tombontsoan'ireo mpianatra sy ny sekoly ary ny filana miankina amin'ny fisondrotana amin'asa aman-draharaha.

**And. 65** – Ireo mpikambana ao amin'ny fivondronan'ny mpanabe dia miantoraka, ao anatin'ny fiaraha-miasa sy fifamenoana amin'ny ray aman-dreny, ireo asa natokana ho azy ireo, araka ireo andraikitra manan-danjan'ny sekoly sy ireo toeram-pianarana.

#### **LOHATENY V**

### **NY AMIN'NY TOMBANEZAKA, IREO FIKAROHANA ARY NY FANARAHAMA-MASO**

**And. 66** – Ao anatin'ny sehatry ny fampandrosoana haingana sy maharitra ny fanabeazana sy fanofanana, ary noho ny fitandrovana manokana ny tombontsoan'ny besinimaro, ireo ambaratonga tombanezaka sy fanaraha-maso, ny torohevitra ary ny tetipivoarana no anisan'ny antoka eo anatrehan'ny Firenena, amin'ny fahombiazana sy ny fahazoan'ny rafitra tombony eo amin'ny lafin'ny fanabeazana sy fanofanana, ary koa ny fanajana ireo foto-kevitra fototra voafarit'ity lalàna ity. Ireo rehetra ao anatin'ny rafitry ny fanabeazana dia anaovana tombana ara-potoana sy ara-dalàna.

Ireo tombana isan-karazany dia atao mba andrefesana ny vokatra tamin'ny rafi-pianarana, ny an'ireo toeram-pampianarana miankina aminy sy ireo mpiasa ao, ary koa izay vokatra azon'ny mpianatra, mba ahafahana mampiditra fanitsiana sy fanajariana ilaina mba hanatsarana ireo tanjona noferana.

**And. 67** – Ny fikarohana ara-pedagogia dia fitaovana lehibe fanatsarana ny kalitaon'ny fampianarana, ny vokatra an-tsekoly sy ny fampiakarana lenta azy mba hifanaraka amin'ny fenitra iraisam-pirenena ao amin'ny sehatry ny fanabeazana.

**And. 68** – Ny fikarohana ara-panabeazana dia mikasika ny pedagogia, ireo fomba fampianarana, ireo fandaharam-pianarana, ireo fitaovana enti-mampianatra, ireo fomba fiasan'ny mpampianatra, ny fiainana an-tsekoly, ny tombana ary koa ireo fanadihadiana fampitahana mikasika ny fanabeazana sy fampianarana.

**And. 69** - Ny fikarohana ara-panabeazana dia alamina anaty rafitra manokana miaraka amin'ireo foibem-pikaroana sy ireo rafitra amin'ny ambaratonga ambony.

**And. 70** – Eo amin'ny sehatry ny politikam-pirenena amin'ny ady amin'ny kolikoly sy ny manoloana ny foto-kevi-dehiben'ny fahaiza-mitantana, ny an'ny fahamarinana sy ny mangarahara takiana ho an'ny fampandrosoana haingana sy maharitra, dia heverina ho tsy azo ialàna ny anomezana toerana lehibe ny asa "Fanaraha-maso" eo amin'ny fitantanana ireo raharaham-panjakana.

Tsy afa-miala amin'ireo foto-kevi-dehibe ireo ny Minisitery rehetra miandraikitra ny Fanabeazana sy Fanofanana .Manara-maso amin'ny antsipiriany ny fitantanana hentitra ny mpiasa ao amin'izy ireo, ireo

vola nomena azy ireo, ireo fitaovana am-pelatanan'izy ireo, ary ny fahombiazan'ny fanabeazana sy fanofanana ireo mpianatra.

**And. 71** - Ireo fanaraha-maso rehetra manaraka ny ambaratongam-pifehezana dia atao eo amin'ny sehatry ny ambaratongam-pitondrana rehetra amin'ireo Minisitery misahana ny Fanabeazana sy Fanofanana. Izany dia iantohan'ireo manampahefana tompon'andraikitra ny vondrom-panabeazana sy fanofanana isan-tokony sy ireo ambaratongam-pahefana ambony iankinan'izy ireo.

Ireo fanaraha-maso manaraka ny ambaratongam-pahefana dia tsy maintsy atao anatin'ireo sampan-draharaha foibe sy itsinjaram-pahefana.

**And. 72** – Ireo fanaraha-maso-fisafoana, toy ny fanaraha-maso manaraka ny ambaratongam-pahefana dia atao anatin'ny, raha tsy hoe misy baiko mivantana mikasika azy ireo avy amin'ny Minisitry tompon'andraikitra.

**And. 73** – Ny sampana manao ny fisafoana dia voasoratra ao amin'ny firafitry ireo Minisitry miandraikitra ny Fanabeazana sy Fanofanana. Izy io dia hita ihany koa amin'ny sehatra itsinjaram-pahefana. Ny andraikiny dia ny mitandro ny fanatanterahana tsara ny politikam-pirenena momba ny fanabeazana sy fanofanana amin'ny lafin'ny fanaraha-maso ny hatsaran'ny asan'ny mpiasa amin'io sehatra io sy ireo sampana miankina na eo ambany fiahiana izany ankoatran'ny fanamarinana ivelany.

**And. 74** – Ireo zava-bitan'ny mpandraharaha tsirairay avy dia tombanana miainga amin'ireo rafi-lasitra amin'asa aman-draharaha mikasika azy ireo andaniny, sy oharina amin'ireo mpanondro ny hatsarana, ny fahombiazana sy ny vokatra ny asa ao amin'ny sehatra iasan'izy ireo, ankilany.

Ireo rafi-lasitra sy ireo mpanondro dia ampahafantarina ny besinimaro amin'ny alalan'ny didy aman-pitsipika. Hamarinina izy ireo mandritra ny fanaraha-maso sy ny fisafoana. Ankoatry ny fanaraha-maso ataon'ny ambaratongam-pahefana, ny fanaraha-maso-fisafoana dia iandraiketany manampahaizana manokana amin'izany.

**And. 75** – Ny fampiharana ireo asa fanaraha-maso sy fisafoana voafaritry ity lalàna itarihan-dalana ity dia mitaky ny fisian'ny fitaovana amin'ny lafin'ny olona, vola sy fitaovana sahaza.

Ireo fombafomba fampiharana ireto fepetra ireto dia faritana amin'ny alalan'ny didy aman-dalàna

## **LOHATENY VI FEPETRA SAMIHAFANA SY TETEZAMITA**

**And. 76** – Ny fanovan-drafitry ny rafi-panabeazana sy fanofanana dia manan-kery manomboka amin'ny fotoana amoahana hanan-kery ity lalàna ity.

**And. 77** – Ny fomba fampiharana ireo fepetra amin'ity lalàna ity dia faritana amin'ny alalan'ny didy aman-dalàna.

**And. 78** – Foanana ary dia foana ireo fepetra rehetra mifanohitra amin'ity lalàna ity.

**And. 79** – Ity lalàna ity dia havoaka ao amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika. Hotanterahina izany fa lalàm-Panjakana.

**Antananarivo, faha 17 jolay 2008**  
**Ny Filohan'ny Repoblika**  
**RAVALOMANANA Marc**